# Ilay harena miafina ao amin'ny farihin'Alaotra

TSY AZO AMIDY



https://www.arkive.org/alaotran-gentle-lemur/hapalemur-alaotrensis/image-G140830.html


*Angano ho an'ny ankizy nosoratan'i Catherine Rhiat*

*Nandika amin'ny teny malagasy :*
*Hubert Tsilavina Fanomezantsoa*
*Herisoa Podwika Rafaralahisoa*



*colibri59cr@gmail.com*

GERP

*gerp.squarespace.com*


Fampahafantarana ireo biby sy zavamaniry ao Madagasikara


Houston Zoo

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

ASLM

*2017*

# Nipetraka tany an-tanan-dehibe teto Madagasikara i Jonah sy ny ray aman-dreniny.






Documentaire : « Le trésor caché du lac Alaotra »

# Mandritry ny fotoam-pialan-tsasatra dia, tian'izy ireo ny mamangy ny fianakaviany any akaikin'ny farihin'Alaotra.




http://www.supagro.fr/ress-pepites/InnovationAlaotra/co/Etape_2.html

Fotoana tena andrasan'i Jonah tokoa io satria ahafahany mijery zavaboahary any amin'ny farihy miaraka amin'i Toky.




GERP

ASLM



Manamboatra lakana kely holalaoviny eo ambony rano izy ireo.

# Indray andro, raha nandeha teny amin'ilay farihy izy ireo,
# dia nahita ity afo be mivatravatra.



http://slideplayer.com/slide/4424615/

**Nazavain'i Toky taminy ary fa mba hanamorana ny fivezivezena eny amin'ilay farihy sy mba ahafahan'ny olona mamboly vary, dia dorany ireny zetra sy hisatra ireny.**



http://www.supagro.fr/ress-pepites/EtudeCasAlaotra/



Film MADAGASCAR, L'ILE MERVEILLEUSE

**Nalahelo tokoa i Jonah raha nahita ity trangan-javatra ity, dia ny fahitany ity toeram-pilalaovana tena tiany kila forehitrin'ny afo.**

**Rehefa niha-nanatona ity afo izy dia nahare feo manao hoe.**



*Vonjeo…*
*Gadra ato anaty afo aho….*
*Ampio aho...*

Film MADAGASCAR, L'ILE MERVEILLEUSE

Nanontaniany i Toky raha maheno feo saingy nilaza izy fa tsy mandre.





Maheno io feo io foana anefa i Jonah, ka tsy nisalasala izy fa lasa avy hatrany niazakazaka nankany amin'ilay feo.

Nanatona
ny lelafo izy, nesoriny ny
akanjo amboniny.



Film MADAGASCAR, L'ILE MERVEILLEUSE



Miaraka amin'ity akanjo
lena no nahavitany
namono ilay afo ary niha
haingana hatrany.

GERP

ASLM

# Teo izy no nahita ity bandro, gidro kely mipetraka eo  amoron'ity farihy.




Niezaka indroa avy heny izy ary vetivety dia tonga teny amin'ilay gidro.

Notrotroiny teny amin'ny sandriny ilay gidro avy eo.

# Manomboka may ny volon'ilay Bandro.



Documentaire : « Le trésor caché du lac Alaotra »

**Efa tena reraka ilay bandro fa mbola afaka nibitsika tamin'i Jonah hoe :**
**"mbola maro izahay no mila vonjy ato anaty zetra main'ny afo".**

**Niantso an'i Toky i Jonah nanao taminy hoe :**

**Nanavotra bandro aho iray...**
**Ny sasany mbola tandindomin-doza...**
**Mandehana haingana miantso vonjy any an-tanàna!**



**Niazakazaka niverina tany an-tanàna i Toky fa i Jonah kosa niangavy an'ilay bandro kely mba hitari-dalana azy.**



**Nisangavotan'ilay bandro i Jonah no sady mamono ilay afo amin'ny akanjony izay lemany hatrany.**

**Nalaky tonga ny iray tanàna, ireo sihanaka**

**("ireo izay mirenireny eny amin'ny zetra")**

**ny firaisan-kina no hery ka niara-namono ilay afo izy ireo.**



https://www.facebook.com/203302653813148/photos/pcb.343644429778969/343643636445715/?type=3&theater

Nanoro toerana iray
misy ny akanin'izy ireo tamin'i Jonah ilay bandro.

Nanatona ilay toerana i Jonah ka nahita ny fianakavian’ilay bandro izay tao anatin’ny horohoro tanteraka.






**Avotra ny fianakavian'ilay bandro izay nanam-piniavana
noho i Jonah nanala azy ireo tamin'ny loza
sy ireo mponina nanampy azy.**



**Nisaotra azy ireo ilay bandro.**

GERP ASLM

# Ary nobitsihany tao an-tsofin'i Jonah ilay tsiambaratelo nolazain-drazambeny azy ireo :



**"Maventy tokoa izao Tontolo izao, fa ny bandro kosa dia tsy hita afa tsy eto Madagasikara, eny amin'ny farihan'Alaotra...**



**Ny bandro no harena miafin'io farihy io ".**

https://news.mongabay.com/2015/08/a-diamond-in-the-marsh-saving-the-lake-alaotra-gentle-lemur/



=



**Tonga saina tamin'io tsiambaratelo io i Jonah. Tsapany fa ilaina haingana ny fanatsaharana ny fandoroana ala manodidina io farihy io ka mila araha-maso akaiky ireo bandro.**



**Nazavainy tamin'ireo mponina ireo sady nambarany koa fa raha tsy mitsahatra io dia, ho ringana tsy hisy eny amin'ny farihin'i Alaotra sy izao tontolo izao ireo bandro.**

GERP ASLM

**Tapa-kevitra ary ny vahoaka fa hiaro ireo bandro sy hanohitra ny fandorana ny zetra.**



**Nanoro hevitra azy ireo i Jonah ny hisarihana ny malagasy avy any amin'ny faritra hafa sy ireo vahiny amin'ny fitsidihana ny farihy sy ireo bandro….**




**Teo amoron'io renirano io no teraka ny atao hoe :**

**fizahantany miaro ny tontolo iainana**

# Nanomboka teo dia tsikaritr'ireo mponina fa mahasarika vahiny maro ny fitsidihana io faritra io noho ireo biby tsy hita raha tsy ao amin'ny faritr'Alaotra.



http://www.larousse.fr/encyclopedie/images/Planisph%C3%A8re/1312024

**Noho ireo bandro dia mivoatra ny fiainan'ny mponina. Ankoatran'ny trano fivantanana sy ny sakafo dia mividy sy manjifa ny vokatra vita eo an.toerana ireo mpizaha-tany. Mampidi-bola ho an'ireo mpitondra lakana ny fitondrana vahiny mijery ireo bandro, toy izany koa ny mpitari-dalana izay manazava ny mombamomba ireo gidro amin'ireo mpizaha-tany ireo.**



Des trains pas comme les autres avec la participation de Jonah Ratsimbazafy

GERP

ASLM



**Ny amin'i Jonah kosa dia nanolotra tanteraka ny fiainany ho an'ny bandro sy ireo gidro rehetra hafa.**

**Mba hiarovana ireo gidro sy ny fonenan'izy ireo, dia nanangana fikambanana miaraka amin'ny mpikaroka maromaro izay antsoina hoe :**

**GERP de Madagascar.**



*http://www.gerp.mg/*

## Nanomboka teo ary dia fanta-daza maneran-tany i Jonah...

**Tsy tonga hijery gidro maty na ala foana eto Madagasikara ny mpizahatany !**



**... Sady manentana ny mponina eto amin'ny Nosy sy manerana izao tontolo izao mba hiaro**

**Ny gidro sy ny zavaboahary samihafa izay harena maitson'ity Nosy mena.**




GERP

ASLM




http://www.lemurlove.org/lemur-gallery.html

**Ny fiarovana ny zavaboaharin'i Madagasikara ho an'ny taranaka amam-para dia tsy maintsy mandalo amin'ny fampahafantarana ny biby sy ny zavamaniry.**

## Catherine Rhiat

*Mpanoratra sy filohan'ny fikambanana*

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

ASLM Valenciennes





**Ity angano ity dia nataoko ho fanomezam-boninahitra an'i**



## Jonah Ratsimbazafy

*Primatologue ,*

*Mpikambana mpanorina sy filohan'ny GERP de Madagascar*

**izay manana ny tanjona**

**ny hanara-maso ny fiarovana ireo gidro sy ny fonenany**

amin'ny fanadihadihana

« **Ny harena miafin'ny farihin'Alaotra**"

izay manindry mafy ny fahasimban'ny toeram-ponenan'ny **bandro,**

**izay gidro ahiana ho lany tamingana ka tsy maintsy havotana**...

sy ireo torohevitra sarobidy izay natolony ho ahy.

**Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar**